Filoha Ravalomanana, Tsiroanomandidy

**Nampiofana "leadership" ireo katekista amin'ny synodamparitany 5** 2

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 30 aogositra 2018 Laharana 807 Vidiny : 400 Ar

Fifidianana Filohampirenena 5

**Ho tapaka lalan-drà eo Rajoelina**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Filoha Ravalomanana N°25 2

# Enjehina vao mainka mamiratra



IEM an-dRajoelina 3

# Inty indray no Enti - Mamorika ny gasy



MPIASAN'NY CUA REHETRA 6

## Nanao fanadiovana faobe teny amin'ny RN1 Anosibe-Anosizato



Lalan'ny atody 2

**Nesorin'ny olona ny soratra tamin'ny tsangambato**

Tranohazo kilan'ny afo 6

**Tokantrano 5 tsy manan-kialofana**

Polisim-pirenena 6

**Tratra ireo mpanendaka miaraka amin'ny antsy lava**

Daka kely

Fandravana Senat : spécialité an'ialahy mihitsy lay mandrava ry Boaikely a !

Minisitra Guy Rivo 2

**Nitondra fanampiana ho an' ireo traboina teny Anjanahary**



FILOHA RAVALOMANANA, TSIROANOMANDIDY

## Nampiofana "leadership" ireo katekista amin'ny synodamparitany 5

Notanterahina tany Tsiroanomandidy faritra Bongolava nanomboka ny talata 28 aogositra 2018 ary haharitra 3 andro, hifarana ny anio alakamisy ny fiofanan'ireo Katekista eo anivon'ny Synodamparitany 5 ivon- toerana iray ao anatin'ireo 10 eo amin'ny sahan'ny Fiangonana FJKM tao Tsiroanomandidy. Miisa 500 ireo katekista miatrika izany. Nisolotena ny birao foiben'ny FJKM sy nandray anjara tamin'ny



fampiofanana LEADERSHIP, na fahaiza-mitarika ny filoha Marc Ravalomanana, amin'ny maha Filohan'ny komitin'ny Jobily faha-50 taonan'ny FJKM sy faha 200 taona nidiran'ny filazantsara sy ny LMS teto Madagasikara azy. Namafisiny tao anaty fampiofanana izay nomeny fa ny fahaizana mampiasa ny fanomezana ara-panahy avy amin' Andriamanitra no hahafahana manolo-tànana ny Kristianina hanatrarana ny tanjona ho zavadehibe.

***Helisoa***

Filoha Marc Ravalomanana

## Enjehina vao maika mamiratra

Fisedràna voalohany ny filoha Marc Ravalomanana ny fihaonambe famaranana ny fankalazàna ny faha 15 taona ny antoko Tia-ko i Madagasikara (TIM), natao tao amin'ny kianjaben' i Mahamasina ny sabotsy lasa teo. Tao anatin'ny fotoana fohy 3 andro monja no niantsoana ny vahoaka teny Mahamasina , nefa dia tonga nirodorodo ireto farany tamin'izany. Tampina ny daomin'ireo mpa- nenjika satria nambaran' ireo tsy maty voalavo ankibo hatrany fa naloan'ny vahoaka i Dada. Tsy nisy artista malaza niantsoana vahoaka , tsy nisy dokambarotra ohatra ny ataon'ny sasany toy ny tao amin'ny lapan'ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena izay nipoapoaka be nakarenin-tsofina ny dokambarotra fa dia tonga tamin'ny fo feno fitiavana ireo vahoaka marobe nanotrona ny filoha Marc Ravalomanana. 9 taona mahery tsy nitsahatra nanaratsy an'i Dada ny tariky ny mpanongampanjakàna fa vao maika nampamiratra azy izany , mbola mitohy ihany izany fanaratsiana ataon' ny sasany azy izany, anisan' izany ireo mpanao gazety, mpanao politika mpikarama an'ady, na amin'ny radio io, na amin'ny fahitalavitra sy amin'ny gazety koa. Mitombo hatrany anefa ny laza sy ny tanjaky ny kandidà N°25, ho sasa-poana ireo mpanenjika.

***Helisoa***

Minisitra Guy Rivo

## Nitondra fanampiana ho an'ireo traboina teny Anjanahary

Tsy adinon'ny depiote teo aloha voafidy tao amin'ny boriboritany faha 5 Guy Rivo Randrianarisoa, izay efa lasa minisitry ny Indostria ankehitriny, ireo fianakaviana miisa 7 ao Anjanahary II- S tratry ny haintrano ny herinandro lasa teo, ka namoizana ain'olona 3. Noho izany , naniraka ireo mpiaramiasa aminy teny an-toerana ny tenany nanatitra fao-dranomaso ho an'ny fianakavian'ireo namoy ny ainy, teo ihany koa no nanolorany vary , menaka , paty , savony sns… ho an'ireo traboina. Nampitondra ny teny fampaherezana ho an' ireto farany ny ministra noho ny voina tampoka nahazo azy ireo , ary nanentana ihany koa mba hitandrina amin'ny resaka afo. Nampitondra teny fisaorana ny minisitra Guy Rivo Randrianarisoa ireo fianakaviana noho ny tsy fanadinoany azy ireo tamin'ny ady sarotra mahazo azy ireo, na dia efa niova aza ny toerana misy azy ankehitriny .

***Helisoa***

Antanetibe Mahazaza

## Nesorin'ny olona ny soratra tamin'ny tsangambaton'ny lalan'ny atody

Leo ny fampanantenana poak'aty ireo mponina any amin'iny faritry ny kaominina Antanetibe Mahazaza distrikan'Ambohidratrimo iny satria tsy nankasitrahan'izy ireo ny fanamboaran-dàlana kasain'ny fitondram-panjakana natao amin'ny làlana mampitohy an'i Mahitsy sy Antanetibe Mahazaza ao anatin'ny distrikan' Ambohidratrimo, antsoina hoe lalan' ny atody. Raha tsiahivina, dia efa tamin'ny taona 2016 no nolazaina fa hamboarina ny làlana saingy nihemotra foana izany. Vao tamin'ity volana Aogositra ity indray dia napetraka ny vato fehizoro fa hatao ny làlana saingy tsy mbola manomboka hatramin'izao. Praopagandy tamin'ny taona 2013 nefa no efa nilaza Rajaonarimampianina fa hatao ny làlana satria malaza amin' ny fiompiana sy ny fambolena iny kaominina iny. Tratry ny praopagandy faharoa indray izy ity izao vao hoe hatao indray ny làlana. Noho ny bala rora sy ny fampanantenana poak'aty no lazain'ny olona fa tsy ekeny ka mety nahatonga ny olona sasany nanala io vato fehizoro io satria tsy nankasitrahan'izy ireo izay resaka fanamboaran-dàlana izay . Mbola babangoana rahateo ny toerana hitobian'ireo masinina manao izany làlana izany hatreto. Àsa na rahoviana tokoa vao tena hanomboka ity làlana mampitohy an'i Mahitsy sy Antanetibe Mahazaza ity. Dia miandry aloha ny vahoaka ny amin'iny faritra iny.

***Rajo***

Jean Max Rakotomamonjy

## Tsy mahazo mampiasa fitaovam- panjakana

Tsy voatery mametrapialana akory ny filohan'ny antenimierampirenena, Jean Max Rakotomamonjy hoy ny filoha lefitry ny Ceni, Thierry Rakotonarivo. Mbola afaka mijanona ho filohan'ny antenimieram-pirenena ihany izy, saingy tsy mahazo mampiasa intsony ny fitaovam-panjakana sy ny volam-panjakana ihany koa. Nambaran'ny filoha lefitry ny Ceni mantsy fa tsy anisan'ny tompon' andraiki-panjakana izy, fa ny filoham-pirenena , na ny mpikambana eo anivon'ny governemanta ary ny masoivoho samihafa no tsy maintsy mametra-pialana raha hirotsaka ho filohampire- nena. Malalaka arak'iza-ny ny filohan'ny antenimieram-pirenena amin' izay fifidianana filoham-pirenena izay eto amintsika amin'ity taona ity. Ho lany ve nefa izy io sa ahoana hoy ihany?

***Rajo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fifidianana : mila mahay manavaka ny mpifidy raha tsy te hanenina

Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena ireo raiamandreny am-panahy eo anivon'ny Ffkm ny 19 Aogositra lasa teo. Tao anaty fanambarany no nilazany ny fanentanana ny olom-pirenena handray anjara amin'ny fifidianana filoham-pirenena hotanterahana ny 07 Novambra ho avy izao sy hahay hifidy izay olona na kandidà tokony hofidiana hametrahana ny fitokisana hapetraka eo amin'izany toerana izany. Anisany nasongadiny tao anatin'izany ihany koa fa kandidà matahotra an'Andriamanitra, tsara fitondrantena sy olo-marina no tokony hofidiana. Misy akony be dia be eo amin'ireo kandidà izany fanambarana izany ary tsikaritra fa maro amin' izy ireo no miseho ho kristiana. Tsy azo lavina fa tena misy mivavaka sy kristiana ireo amin'ireo kandidà ireo, fa ny ahiana dia hisy hisandoka nefa tena " ambodia mitafy hodi-janak'ondry". Nampitandrina ny Ffkm mba hijery tsara ny vahoaka Malagasy ny amin'izay kandidà handrotsahany vato mba tsy hanenenana any aoriana. Tsy mandehandeha ho azy akory izany filazana izany, fa misy zavatra tsikariny ao. Fampieritreretana no ataony amin'ny vahoaka mpifidy.

Etsy ankilan'izany, iaraha-mahalala ankehitriny ny isan'ny kandidà hirotsaka ho fidiana filoham-pirenena. Efa nosivanina ka noesorina ny 10 kanefa mbola maro na dia izany aza. Tsy maintsy miezaka mafy araka izany ny kandidà tsirairay mampahafantatra ny tenany sy ny laharany ao amin'ny biletà tokana amin'ny vahoaka. Iarahamahalala koa nefa ny haavo lentan'ny fahararitan-tsain'ny Malagasy amin'ny ankapobeny indrindra any amin'ny ambanivohitra "lavitra andriana"any. Mbola ambony ny tahan'ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra eto amin'ny firenena. Efa fahita matetika ny famitapitahana ataon'ny mpanohana kandidà sasany hampandaniany ny olona tohanany amin'ireny laharana na toerana misy ny sarin'ny kandidà amin'ny biletàm-pifidianana ireny. Manamora izay filalaovana olona izay ny tsy fahampian'ireo solontenan'ny kandidà amin'ireo biraom-pifidianana manerana ny Nosy dia miankina amin'izay mahatonga solontenany eo ny mety ho fizotra na ny ho fahamarinan'ny fifidianana. Ary mbola sarotra ihany koa ny hino ny fahamarinan'ny voka-pifidianana avy any amin'ny toerana lavitra indrindra raha mirotsaka ny orana. Nisy teto amin'ny firenena izany. Izay indrindra no namaritana tao anaty lalampanorenana ny tsy hanatanterahana fifidianana ao anaty fotoanan'ny orana kanefa dia iniana ikimpiana aloha izany ankehitriny, fa tsy maintsy miroso isika mianakavy. Hiarahamahita eo izany ny ho fizotrany sy ny vokany. Efa nampahatsiahy aloha iny ireo raiamandreny am-panahy fa ho hita eo koa ho hatraiza ny fipakan'izay any amin'ny olom-pirenena hifidy.

***Sôh'son***


PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Mi'Aro R

## Ny Valosoa sy hadihady

# IEM : Inty indray no Enti - Mamorika ny gasy

Mihazakazaka te-hisongona ireo mpifaninana aminy, ka mamory « vahoaka » atsy sy aroa Rajoelina Andry, mamily ilay lamasinina haingam-pandeha (TGV) mitondra ny nofinofiny hanorina sy hanarina ary hamoaka an'i Madagasikara sy ny mponina ao anatin'ireo areti-mandoza niniany nafafy teto ireo. Ny tsapan'ny maro dia tsy manana fahaizana amam-pahalalana amin'ny fanorenana ity kandidà ity fa ny manavanana azy dia ny manongana, mamotika sy mandrava ary mandroba. Porofo mitohaka amin'ny tendany dia nilaza hanorina « tramway » teto an-drenivohitra izy taorian'ny fanonganam-panjakana tamin'ny 2009. Nilaza fa efa manana namana avy any dilam-bato ka hampidina ireo kojakoja ilain'ny mponina andavanandro toy ny vary sy menaka,… Tao an'eritreriny ihany izany fa tsy nisy tanteraka na iray aza. Tsy azo lavina kosa anefa fa vitany ny nangoron-karena sy nampahantra ary nampandady ny vahoaka Malagasy fa nivadika ho fandohaliana ilay hambompom-pirenena sy hasin'ny tanindrazana nodradradradrainy. Tena tanora gasy vonona tamin'ny gidragidra sy fankahalana ny mpiray tanindrazana izy ka sarotra ny hino fa hamadika ho lehibe ny "fitiavana" indray ankehitriny na dia nampiditra io teny io ho anisan'ny filamatry ny Repoblika IV aza. Manaiky izy araka ny kabariny teny amin'ny "by pass" fa anisan'ny nitondra teto Madagasikara kanefa tsy nanana programam-pampandrosoana ho an'ny Firenena sy ny Malagasy. Tsy mahagaga loatra raha dimy taona izy no teo kanefa dia tsy nisy zavatra nivaingana vitany ankotry ny hopitaly manara-penitra izay tsy afaka nitsaboina satria tsy nisy fitaovana sady tsy takatry ny fahefa-mividin'ny vahoaka akory. Nandritra ny efatra taona, hono, dia tsy nitsahatra nanadihady ny fiainan'ny Malagasy izy na dia nipetraka tany ivelany sy nanao tsidi-pahatra teto fotsiny ihany aza. Azo inoana fa tsy izy velively no nandrafitra ity "vina" IEM harosony hamahana ny olana eto ity fa hevitr'olona any ivelany natambatambatra ho iray fotsiny. Tany ivelany no nisy ny revolisiona lokomboasary ka tena nandroso sy tafavoaka ny firenena nanao izany amin'izao fotoana izao ary ny vahoaka any dia tsy manana olana mihitsy eo amin'ny fiainany andavanandro. Ny afo no manana lokom-boasary ka ny an'ity kandidà ity dia heverina fa mbola hisy hirehitra indray ny toe-draharaha eto aorian'ny fifidianana. Raha jerena akaiky ny hetsika ataondRajoelina Andry dia efa manomboka ho lany bala izy satria tsy zavatra niboiboika avy ao anatiny araka ny zava-misy iainana eto amin'ny Firenena ny programa harosony. Marary ary tena efa eo ambavahaonan'ny fahafatesana mihitsy ity Firenena ity noho ny nataon'ny gasy mahay mamorika toa azy kanefa tsy manana fanefitra amin'izany. Ny kandida toy itony no mody manao torana kanefa hihinana ny kitozan'ny marary.

***Andry Tsiavalona***

**PR HARIMALALA JOSEPH**

# Haverin'Andriamanitra eo amin'ny fitondrana ny filoha Ravalomanana



Isan'ny nanamarika iny faran'ny herinandro iny ny hetsika goavana nataon'ny Antoko TIM ho famaranana ny fankalazany ny faha 15 taona nijoroan'ity antoko ity, sy ny antsapaka amin'ny laharan'ny kandida ho ao amin'ny biletà tokana amin'ny fifidianana ny 7 novembra ho avy izao. Ho an'i Pr Harimalala Joseph, izay mpandinika sy mpanaraka akaiky ny raharaham-pirenenana sy ny soratra masina dia fandresena goavana ho an'ny vahoaka Malagasy ny fahavitan'ny TIM iny hetsika famaranana ny faha 15 taonany iny. Nifanindran-dalana ny datin'ny 25 aogositra sy ny laharana azon'ity mpanorina ny antoko ity tamin'ny antsapaka hoy ity mpandinika ity, izay tsy tongatonga ho azy tokoa izany, araka ny tenin'Andriamanitra voasoratra ao amin'ny Ohabolana 16: 4 manao hoe: "Ny zavatra rehetra nataon'i Jehovah dia samy misy antony avokoa". Eny hoy izy fa na ny filarahan'ireo kandida azo lazaina ho vaventy aza ao anatin'io lisitra io dia mbola misy antony ihany koa raha tsy hilaza ny an'ingahy Amiraly Ratsiraka izay efa tsy hanana lazon'ady amin'ny fiandrasana ny ondrin'Andriamanitra intsony. Raha ny filaharan'izy 3 dia ny filoha Rajaonarimampianina sy Andry Rajoelina ary ny filoha Ravalomanana dia tsy inona akory hoy ity mpandinika ity dia ho fahatanterahan'ny voka-pifidianana ho avy, araka ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Matio 20:16 manao hoe: "Dia toy izany, ny farany ho voalohany, ary ny voalohany ho farany". Azo antoka araka izany fa ho ny filoha Ravalomanana no olom-boafidin'Andriamanitra hiverina hitantana indray ny an'i Madagasikara izay voasoratra ao amin'ny bokin'i Daniela 7:18. Fehiny dia ny tantara no hitsara, koa ampanetren-tena no hitaomana antsika rehetra handinika ny tenin'Andriamanitra vosoratra ao amin'ny bokin'ny Tantara faharoa 7:18-22, fa misy hafatra lehibe tian'Andriamanitra hambara ao, indrindra fa hianareo kandida marobe, mampitolagaga izao tontolo izao io, izay milaza hoe ao amin'ny andininy 17-18: "Ary aminao, raha handeha eo anatrehako tahaka ny nandehanan'i Davida rainao hianao ka hanao araka izay handidiako anao sy hitandrina ny didiko sy ny fitsipiko, dia hampitoeriko ny seza fiandrianan'ny fanjakanao, araka ny fanekeko tamin'i Davida rainao hoe: tsy ho diso zanakalahy ho mpanapaka amin'ny Israely hianao". Fa ho fampieritreretana anareo kandida marobe kosa dia ny ao amin'ny andininy 19-22 manao hoe: "Fa raha mivily kosa hianareo ka mahafoy ny didiko sy ny lalàko, izay nataoko teo anoloanareo, ka mandeha manompo Andriamanikafa sy miankohaka eo anatrehany, dia hongotako amin'ny tany izay homeko anareo, ary hofongoriko tsy ho eo imasoko ity trano nohamasiniko ho an'ny anarako ity sady hataoko ohabolana sy ho ambetiteny any amin'ny firenena rehetra. Ary na dia avo aza ity trano ity dia ho fitalanjonan'izay rehetra mandala azy ka hatao hoe: naninona re no dia nataon'i Jehovah toy izao ity tany sy trano ity? Ary hisy hamaly hoe: satria nahafoy an'i Jehovah Andriamanitry ny razany, izay nitondra azy nivoaka avy tany Egypta izy ka nifikitra tamin'Andriamani-kafa sady niankohaka teo anatrehany sy nanompo azy, koa izany no nampidirany izao loza rehetra izao taminy". Koa satria roso amin'ny fifidianana isika izao dia heveriko fa hoy ity mpandinika ity fa marina io tenin'Andriamanitra io, izay mifandray amin'ny ambaran'i Lioka 21: 5-6 manao hoe: "Ary nisy nilaza ny tempoly, fa voaravaka vato tsara sy fanatitra izy; fa hoy Jesosy: ny amin'ireo zavatra hitanareo ireo, dia ho avy ny andro, ka tsy havela hisy vato hifanongoa eto ka tsy horavana", izay manambara izany fa tsy misy miafina amin'Andriamanitra ny fifitr'ireo kandida marobe ireo fa fitaka sy lainga fotsiny io fahamaroany io satria olona karamain'ireo kandida sasany ny ankamaroany ka hamafy lainga sy fitaka no tena tanjony, nohon'ny fitiavan-bola sy fitiavan-tseza ary voninahitra fotsiny ihany, kanefa aoka tsy ho voafitaka isika araka ny ambaran'i Lioka 21:8 manao hoe: "Ary hoy Jesosy: mitandrema fandrao ho voafitaka hianareo fa maro ny ho avy amin'ny anarako sady hanao hoe: izaho no izy ary koa: efa akaiky ny andro; koa aza manaraka azy".

***Lezama***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Mahamasina ny sabotsy teo, hafa mihitsy Dada

**Rivo Ravelojaona :** hafa mihitsy Dada sy ny hetsika natao ho azy ny sabotsy teo, manana hevitra hafa noho ny hafa hatrany, nitety an'i Madagasikara an'eritreritra.

**Lucette Rabarinala Rabarlouise :** lasatsika io e, minoa fotsiny iany.

**Andriamihaja Kevin :** Minoa fotsiny ihany, 1er tour dia vita e!

**Manakavaly Navelandrainy :** Sur mits, mila miasa mafy avokoa isika na TIM na KMMR, na tsy ao anatin'ireo rafitra ireo hampandresena azy 1er tour fa tsy maintsy vitantsika izany.

**DS Solofoniaina Randrianadrasana :** Ok Dada, tena kandidà ny vahoaka sy ny Malagasy rehetra tokoa.

**Jeannot Randrianjanahary :** vitantsika 1er tour io, tsy isalasalana izany, fa mila miasa mafy avokoa isika rehetra hitaona ny rehetra hisoratra amin'ny lisi-pifidianana fa tsy hihalangalana.

**Jhonny Randrianarisoa :** Mila miasa mafy amin'izay ny TIM sy ny KMMR sy ny mpanohana rehetra tsy ankanavaka, fitaratr'i Madagasikara hatrany ny vita teto Antananarivo ny sabotsy teo iny, ny laharana 25 koa tena tsara fitontona.

Soaniadanana Ankazobe

# Lasibatry ny doro tanety indray noho ny fahasosorana amin'ny fitondrana

Toy ny efa mahazatra isan-taona dia anjakan'ny doro tanety foana iny distrikan' Ankazobe iny. Tamin'iny herinandro iny dia efa manomboka mandeha indray ny doro tanety eny amin'ny faritr'i Soaniadanana, Ambohidroa ary mipaka any Ambohida- mbinana ihany koa. Sarotra ny mamono ny afo noho ny hafanana sy tsy hita amin'ny alina ihany koa. Ny talata lasa teo ohatra dia andro antoandro be izao no mirehitra ny tanety teny Bendambo Fihaonana saingy jerem-potsiny ohatry ny tany nahalavoana fotsiny satria tsy misy mpamono ny afo. Efa mahazatra ny olona rahateo io ka miandry izay hiafaran'ny afo sisa fa mijanona fotsiny amin'izao. Mbola maro ireo mponina no tsy mahafantatra ny voka-dratsin'ny doro tanety fa manaotao foana izao isan-taona. Lasibatra ny hazo maniry, mihena ny rano satria kaoka ny nofon-tany ary manginy fotsiny ny aretina mahazo ny omby rehefa mihinana ny vilona tsy tratry ny orana akory. Dia sanatria ve ka amin'izao taona 2018 izao dia mbola loha-laharana foana Ankazobe amin'izay resaka doro tanety izay satria tsy tonga saina mihitsy ireo jiolahin'afo manimba ny tontolo iainana sy mamotika ny nofon-tany. Ankazobe rahateo anefa dia efa fantatra fa vitsy hazo maniry nefa dia mbola may sy kila forehitra indray, arak any fanadihadiana ihany koa dia noho ny fahasosoran'ny olona noho ny tsy fahombiazan'izao fitondrana izao koa no fototr'izany doro tanety izany.

## TONONKALO

### "FALY AHO, TENA FALY..."

Tsy maintsy miroso ny lakana ,
Sasara izay vonon-kisakana.
Na inona loza misesy,
Ny antsika tsy maintsy mandresy.

Na maro ny fanaratsiana,
Esory izay hoe fanahiana.
Tohano ilay hany safidy.
Fa izy no fanalahidy.

Ny fingana aloha sy aoriana,
Vao mainka hitsikitsikiana,
Fa ny olona manam-pinoana,
Mijoro tsy taitra eny foana.

Tsy miova ny dina sy voady
Na inona zava-mianjady.
Tsarovy ny teniny omaly
Dia ny hoe :"faly aho , tena faly".

***DADAN'I ZINA (27-08-18)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fanolorana ireo traboina may trano teny Anjanahary II S.**







## Sakafo Ny Valosoa



**Sakafo tsy misy hena** ihany no laoka eto amin'ny pejin'ny Sakafo, amin'ny gazetinao androany. Fangarona legioma maromaro izy ity : petits pois, voatavo, korzety, karaoty, ovy, dia hatao saosy ketsaketsa miaraka amin'ny voatabia sy tongolo. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanalefahana ny areti-nify



Fanalefahana ny areti-nify indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany, noho ny fangatahan'ny maro, izay matetika tratry ny areti-nify nefa sarotra vao mahita fanafany. Anisan'ny aretina tsy ahafantaran'olona havana ny areti-nify na ankizy na olon-dehibe dia matetika mitondra faisana mihitsy amin'izany. Fanafody nify tena mandaitra ary tsy mihetsika intsony ny areti-nify. Ny antony mahatonga ny areti-nify miverimberina dia noho ny tsy fiborosiana nify rehefa avy misakafo sy noho ny havizanana be loatra eo amin'ny vatantsika ihany koa. Ka ity ny fomba tsotra sady mahomby amin'ny famonoana ireo biby kely na olimanara mpanimba ireo nify ka lasa mampihetsika azy matetika : alaina ny tongolo gasy na tongololay no ahaizany maro azy dia tsohay ny hasiny na hisiny miisa 3 ary kikisana atao malemy tsara. Rehefa vita izay dia alaina ilay tongolo gasy efa voakiky tsara iny no atao ao amin'ilay nify loaka na tombaka ka avela ao mandritra ny 20 min na 30 min eo ho eo izay vao esorina ilay izy. Tsara marihina fa amin'ny fotoanan'izy tsy maharary iny ianao vao mampiasa azy , noho izany tena tsara raha somary mahazo ranony ilay tongolo gasy izay vao araraka ao anatin'ilay nify marary , ka hatao amin'ny seringue mbola tsy avy nampiasaina vao novidiana teny amin'ny Pharmacie no hanaovana azy. Marihina fa raha toa ka marary be nifinao dia aza asiana ilay tongolo efa voakiky io fa manjary lasa mampihetsika ny hozatra indray sady manjary mampivonto ny nifinao ihany koa izany. Tandremo fa tena tsy azo tehirizina intsony ireo ambin' ilay tongolo gasy efa avy nampiasaina fa manjary lasa poizina ho an'ny vatantsika indray izany .

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Fort-Dauphin na Faradofay na Tôlagnaro



Ny tanànan'i Fort-Dauphin na Faradofay na Tôlagnaro indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Iantsoana ity tanàna renivohitry ny faritra Anjôsy ity koa ny hoe Farady. Any amin'ny 1122 km miala an'Antananarivo Renivohitra no misy azy. Mahazo rotsak'orana be isan-taona izy satria mahatratra hatramin'ny 1700 mm izany, maitso arak'izany iny faritra iny, tsy toy ny faritra mifanolo-bodirindrina aminy dia Androy, izay faritra maina. Mafana koa ity tanàna ity satria eo amin'ny 23°C ny salan'ny mari-pana any. Hita eo akaikiny ny tendrombohitra na Pic Saint-Louis, manana haavo 529 m miohatra amin'ny ranomasina, eo avaratry ny tanàna. Izany Pronis izany no nanangana ity tanànan'i Faradofay ity tamin'ny taona 1643, saiky tany Maroantsetra sy Sainte Marie izy ireo tamin'izany fotoana izany no honina, nefa nisafidy ny nianatsimo ka tany amin'ny helodrano na baie Manafiafy vao nijanona, any akaikin'i Sainte-Luce tany Faradofay vao nijanona. Ny fitrandrahana fasimaity ataon'ny orinasa QMM efa taona maromaro izao no nampivoatra be ny tanànan'i Faradofay, ankoatra ny fizahantany, satria isan-taona ihany koa dia misy sambo lehibe mpitondra mpizahatany any an-toerana. Manana seranantsambo sy seranam-piaramanidina koa Tôlagnaro.

## TAFATAFA

### Raniry any Mahajanga

# Ho tapaka lalan-drà eo Rajoelina amin'ny fifidianana Filohampirenena

Dia tena nihomehy irery ny tena raha nahita tamin'ny fahita lavitra ny fahakivian'ilay kandidà iray teo am-pandraisana ny laharany. Hita ho sadaikatra sy tena ketraka izy teny am-boalohany kinanjo nahita hevitra tampoka nanodina sy nampiasa ny Tenin'Andriamanitra atao fitaovana mba hambaboana ny fon'ny olona sy handresena lahatra ny vahoaka fa tsy isa ratsy araka ny ihever'eran'ny vazaha Frantsay sy ny Ntaolo Malagasy azy tsy akory ny isa 13. Tsy misy maharatsy ny fitodihana sy ny fampiasana ny Tenin'Andriamanitra satria tsy mahefa na inona na inona tokoa isika olombelona raha tsy miankina amin'Izy Tompo, saingy tsy tokony hatao fitaovana hambaboana fon'olona fotsiny ny Tenin'Andriamanitra fa tena natao ho hita maso. Ny tena mampanahy sy tena atahorana mantsy dia sao lahy sanatria hampandainga an'Andriamanitra ka sahy mitompo teny fantatra fa tena Andriamanitra mihitsy no... kanefa ny zavatra atao toa tsy mifanaraka amin'izany akory. Mahalasa saina ihany mantsy ny nataon'iny olona iny tamin'ny taona 2009 ! Nopotehina ny TIKO sy MAGRO ary ny MBS sy ireo orin'asa hafa. Potika ny RNM sy ny TVM, very ny ankamaroan'ireo rakitry ny ela toy ny tantara izay tena nampiavaka ny Radiom-pirenena malagasy sy ireo hira tranainy nampisongadina ny soa toavina fahagola. Firy no very fananana izay noharina nandritra ny taona maro tao anatin'ny indray mipi-maso monja? Firy no very asa tsy fidiny? Firy ny namoy havana aman-tsakaiza tsy fidiny? Potika tanteraka ny toekarena! Ny sakantsakana sy ny faneriterena ary ny fanenjehana nahazo izay tsy nitovy hevitra taminy nandritra ny tetezamiitatra. Ny fanaovana tantely afa-drakotra ny harem-pirenena. Zary nisara-bazana ny samy Malagasy, nanjaka ny gaboraraka sy ny kolikoly ary ny risoriso, tsy nandry fahalemana intsony ny tany sns... Izany tokoa ve ilay hoe "Fitiavana ambony indrindra araka ny hevitr'Andriamanitra?" Asa aloha fa tsy anjarantsika no mitsara fa mba teny atsipy ho tsakoina ihany ny ahy...

Manaraka izany dia tena zendana indray ny tena raha nandre ny fahasahiany nilaza fa na dia tsy hisy aza ny famatsiam-bola avy any ivelany dia efa hitany ny lalana hanavotana an'i Madagasikara. Dia tena hanao "magie" sy hampiasa "baguette magique" ve izany ingahirainy ka hitondra fahagagana eto Madagasikara? Sa dia tena hisora-tena ho Mesia tokoa ka hampisy ny tsy misy ao anaty fotoana fohy? Inoako fa tsy adala daholo akory ny Malagasy ka ho voarebireby amin'izany hatsanga tsy aman'orana izany. Lalina loatra ny hantsana mangitsokitsoka mampilentika an'i Madagasikara ao anaty fahantrana ka ataoko fa mpamitabahoaka izay sahy milaza fa ho tapitra hatreo, ao anaty fotoana fohy, ny fahasahiranan'ny Malagasy. Tsy vita ao anaty fotoana fohy velively izany, raha tsy hiteny fotsiny afatsy ny fanasitranana ny fahalovan'ny toe-tsaina, ny hosoka, ny kolikoly, ny gaboraraka, ny tsy fandriampahalemana, ny fahasalamana, ny fampianarana, ny fotodrafitrasa, ny toe-karena sns.... Dia matoky tena izy fa efa manohana azy, hono, ny kandidà faharoa sy fahaefatra ary fahadimy tamin'ny fifidianana farany teo. Asa aloha e! Ny tantara dia mbola hitohy ka ny tantara no aoka hitsara. Fa raha fifidianana madio sy tena mangarahara tokoa no hatao eto dia inoana marina tokoa fa ho betsaka ny ho tapaka lalan-drà sy ho diso fanantenana tanteraka eto toa an'i Andry Rajoelina. Ireo mpanohana azy sasany aza moa efa sahy milaza sahady fa ho azony amin'ny fihodinana voalohany ihany ny 52% ny vato manan-kery, manoloana ireo kandidà 36 izay nankatoavin'ny fitsaràna avo momba ny Lalam-panorenana. Sao dia fampandriana adrisa ny Malagasy fotsiny izany? Efa fantany mialoha angamba fa tsy ho tafiditra akory amin'ny fihodinana faharoa izy dia alefa mialoha ny resaka mba hahafahana mamboly korontana mahery vaika eto amin'ny tanàna indray? Betsaka anie no efa nanao fanadihadiana teto e! Ny tanora no ianteherany kanefa aoka ho tsorina mazava fa ny ankamaroan'ny tanora ankehitriny raha "sens de responsabilité" izany no asian-teny dia azo lazaina fa tena miiba ambany dia ambany. Firy amin'ireo tanora voasarika isaky ny mitondra mpanakanto maro ireo no ho tonga hifidy? Firy amin'izy ireo no voasoratra ao anaty lisipifidianana? Azo amarinina sy porofoina tsara izany zavatra izany, ary tena mahafaoka zavatra maro tokoa... Sao indray ho may ny hendim-boanjo dia atao izay hanomezana alalana ny olon-drehetra hifidy na dia ny karinem-pokontany aza no enti-mifidy, toy izay nitranga tamin'ny fampandaniana izao Lalam-panorenana sadasada iainantsika rehetra ankehitriny izao. Efa mazava ny nambaran'ny CENI fa tsy azo kitihana intsony ny lisi-pifidianana ary tsy hisy intsony koa ny "ordonance".

Farany, manainga antsika Malagasy rehetra ny tenako mba tena handinika sy hamakafaka tsara amin'izao fifidianana ho avy izao. Afaka dimy taona indray vao hisy fifidianana manaraka, koa aleo misoroka toy izay mitsabo. Diniho tsara ny nataon'ireo kandidà matanjaka ankehitriny ireo fa efa samy nitondra dimy taona farafahakeliny avy teto amin'ny firenena izy ireo. Iza no tena mahavita manavotra an'i Madagasikara? Tsy sanatria manolo-bato mafana fa i Dada Marc RAVALOMANANA aloha tena mbola hafa ihany e! Jereo ange ireo olona mpiara-miasa aminy sy manodidina azy fa tena olona vonto fahendrena avokoa. Hafa ihany i Dada e! Ny asa vitany mbola mitoetra hatrany mandrak'androany. Ankinintsika tanteraka amin'Andriamanitra izany rehetra izany. Mahalala ny ao am-po tsy miloaka ny Tompo fa tsy mba azo fitahina izany, koa aoka anie ny sitrapony irery ihany no hotanterahantsika rehetra. Na izany aza, samia mailo fa tsy kely lalana ny ratsy; ary ny ratsy no tena manjaka eto an-tany fa hendrihendry kokoa ny zanaky ny maizina amin'izy samy izy, hoy ny Soratra Masina. Ny marina mitavozavoa, hoy ny Ntaolo, tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra; koa samia mitandrina mafy.

**Nangonin'Isambilo**

## NY TENY FIAINANA



*II Samoela 22:27*

*Ny madio no isehoanao fa madio; ary ny mpiolakolaka kosa no isehoanao fa lalin-tsaina.*



### Andrianambinintsoa Manitriniaina Rakoto

# Fialonana sy fankahalana no nataon-dRajoelina tamin'ny 2009

Mialaza ny heviny momba ny fiainam-pirenena ankapobeny Andrianambinintsoa Manitriniaina Rakoto. Hafatra ho antsika kristiana hoy izy manoloana ny fampiasana tafahoatra ny "fitiavana" araka ny I Kor 13: 13. Inona moa no niseho teto amintsika tamin'ny 2009 niakaran'Ingahy Andry Nirina Rajoelina tamin'ny alàlan'ny "fanonganam-panjakana", ka namoranany ny TETEZAMITA naharitra 5 taona ? Fanimbana zavatr'olona sy haren'olona izay nampangain'Ingahy Andry Nirina Rajoelina sy ny forongony ho "nampanjaka ny tombontsoany manokana" (monopolisation) ! Raha ny "fandorana", "fandravana", "famaboana" fananan'olona no "sazy" nampiharin-dRajoelina tamin'Ingahy Marc Ravalomanana sy ireo tratr' izany dia nahoana ny KARANA sy ny FRANTSAY izay efa ela nanjakazakana sy namoretana ny Malagasy no "tsy nokasihin-dRajoelina sy ny forongony" ? Nihambo ho "revolisionera" sy "tia tanindrazana" mantsy io rangahy io ! Satria ny marina dia FIALONANA sy FANKAHALANA no nanetsika an'Ingahy Andry Nirina Rajoelina koa mahagaga ny nifidianany an'io I Korintiana 13, 13 io ! Sa ny fijerena tavan'olona no fototry ny "fitiavana" resahiny eto (nanavahana an'Ingahy Marc Ravalomanana sy ny Malagasy mpihary sasany nampangaina ho "nampanjaka ny tombontsoany manokana", fa tsy ny Frantsay na ny Karana izay "namatsy vola" an' Ingahy Andry Nirina Rajoelina sy ny forongony namotehana ireo voatanisa ireo sy nanonganana fanjakana) ? Mety ho "kristiana vita batemy sy konfirmasiona ary nandray ny sakramenta rehetra" Ingahy Andry Nirina Rajoelina fa lavitra ny fony ny FITIAVANA ! Raha mandray io andinin-tSoratra Masina io Ingahy Andry Nirina Rajoelina dia fantany ve (nampahafantarina sy nampianarina azy ve) fa "famintinana" izay resahin'i Paoly Apostoly ao amin'ny I Korintiana 13 manontolo io andininy faha-13 io ? Manontany izahay hoe : "Mba novakin'Ingahy Andry Nirina Rajpoelina ve ny andininy mamaritra ny "toetry ny fitiavana" ? Averiko eto ary izay nosoratan'i Paoly ao amin'ny andininy faha-4 ka hatramin'ny faha-7 :: "4 Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, 5 tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otri-po, 6 tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa, 7 mandefitra [na "manarona"] ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra". Ary raha tsy mahafeno ireo toetra ireo ny "fitiavana" ireharehan'Ingahy Andry Nirina Rajoelina dia tsy ilay "fitiavana" itaoman'i Paoly ny Kristiana tao Korinto no tian' Ingahy Andry Nirina Rajoelina toriana fa mety ho "fitiavana hafa dia hafa" tanteraka mihitsy ! Koa tandrify azy indrindra izay voalazan'i Paoly ao amin'ny tapany farany ao amin'ny andininy voalohany manao hoe : "varahina maneno sy kipantsona mikarantsana" fotsiny Ingahy Andry Nirina Rajoelina ! Tsy misy tokony hampiasany ny teny "fitiavana" araka izay ampianaran'i Paoly azy velively mihitsy ! Manontany aho : "Mba nahatsiaro ny andraikiny sy ny fahadisoany lalina (tsy mamerina intsony ny fandravany ny fananan' Ingahy Marc Ravalomanana sy ireo Malagasy hafa aho) nanoloana ny faharavan'ny "firenena malagasy" sy nibebaka teo anatrehan'ny firenena ary "nanonitra" izany ve Ingahy Andry Nirina Rajoelina ?"; Tsarovy fa "namingavinga ny Fiangonan'Andriamanitra Ingahy Andry Nirina Rajoelina raha nanentsin-tadiny tamin'ireo Raiamandreny mpitarika tao amin'ny F.F.K.M. nirotsaka nandamina sy nampihavana ireo "mpifanandrina" ary indrindra nibaiko ny miaramilan'ny CAPSAT namingavinga teo imason'izao tontolo izao ny Filohan'ny F.J.K.M. tamin'izany fotoana izany ary ny famoretana nibaikony ny foloalindahy dia namoizana ain'olona maro ka anisan'izany Andriamatoa Ranaivo Rivo Aryson Mpitandrina (20 Mey 2010) ! Nibebaka tamin'ny Fiangonan'Andriamanitra ary nanonitra izany ve Ingahy Andry Nirina Rajoelina, no ankehitriny izy mieboebo ho "voahosotra" sahady ho Filoha ? Eto am-paranana izahay dia manainga ny MPINO KRISTIANA isan-tsokajiny mba handinika sy hivavaka tsara mialohan'ny hifidianana ka hanapahan-kevitra mialoha ny handatsahana ny vatontsika amin'ny faha-7 Novambra 2018 ! Satria manaiky ny fitarihan'ny Soratra Masina eo ambany fanazavan'ny Fanahy Masin'Andriamanitra isika dia aoka tsy hanaiky ho voarebirebin'ny fampielezan-kevitra fanaon'ny mpanao politika izay diso manana fahasahiana sady tsy manan-kenatra akory hampiasa ny zava-masina ho fitaovana "politika" mba : "hamitahana" antsika ! Hoy ny soratry ny Apostoly masina : "Mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimbolenin'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin' ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana" (Efesiana 4, 14) ! Tsarao araka ny fahefan'ny Soratra Masina izay "fitiavana" arangaranga sy anaovan-kabary eny rehetra eny fa "mba hanaraka ny marina amin'ny fitiavana ka hitombo amin'ny zavatra rehetra ho amin' izay Loha, dia Kristy" tokoa ve (Efesiana 4, 15) ? , Eny fa na dia voasoratra ho isan'ny "fenitry" ny Repoblikan'i Madagasikara azan y fitiavana.

**Nangonin'Isambilo**

MPIASAN'NY CUA REHETRA

## Nanao fanadiovana faobe teny amin'ny RN1 Anosibe-Anosizato

Niara-nanatanteraka fanadiovana faobe ny mpiasan' ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra (CUA) rehetra omaly; izay notontosaina tetsy amin'ny Boriboritany fahaefatra , nanomboka teo amin'ny Senat Anosy hatrany Anosizato Atsinanana. Izao fanadiovana izao dia hetsika lamin'asan'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana . Niara-nisalahy nanampy ny Boriboritany faha- efatra ny mpiasan'ny departementa rehetra sy ny mpiasa avy tany amin'ny boriboritany enina teto an-drenivohitra, ny polisy monisipaly ary ny sampana mpamonjy voina, ny RF2 sy ny fikambanana samy hafa teny anivon'ny fokontany, izay nanampy tosika ny fanadiovana, fanehoana ihany koa ny



*Ny fanadiovana faobe teny Anosibe- Anosizato.*

firaisankinan'ny mpiasa . Nisy ny fanalana ireo fako miparitaka, fisokirana ny lakandrano tsentsina rehetra izay miala eo amin'ny Sénat ka nipaka hatrany Anosizato, ny fanalana ireo 4 mi izay miteraka loto ary fanasana ireo toerana nitoerany ary ny fandrarahana fanafody . Teo koa ny fanentanana ireo vahoaka mba hahalala hanadio fa tsy miandry ny kaominina foana, ny fandaminana ny mpivarotra ary ny fandrindrana ny fiantsonan'ny fiara . Ny anton'izao hetsika izao dia nohon'ny fahitana fa maloto dia maloto tokoa iny faritra iny ka mila ny fifandrimbonan'ny rehetra. Ny tanjona amin'izao hetsika izao dia fitaizana ireo vahoaka amin'ny fanadiovana sy ny fanentanana mba tsy handoto ary manome modely azy ireo. Nambaran'ny Lefitra voalohan'ny Ben'ny tanàna, kolonely Emilien Ramboasalama, fa efa fanaon'ny kaominina izao hetsika izao manerana ny boriboritany 6 fa omaly dia ny boriboritany fahaefatra no nosafidi-ana . Aminy herinandro ambony dia boriboritany hafa indray no hatao. Nilaza koa izy fa tsy tokony miandry tompon' andraikitra isika vahoaka vao hanadio fa miaraka mifampitaiza. Nitarika tamin' izany fanadiovana izany ny Lefitry ny Ben' ny tanàna Emilien Ramboasalama sy ny Delegen'ny boriboritany faha- efatra Ramahandrimanana Solofoniaina Daniel.

***Aly***

Polisim-pirenena

## Tratra ireo mpanendaka 5 lahy miaraka amin'ny antsy lava

Mitohy hatrany ny ezaka ataon'ny Polisy entina mifehy ny tsy fandriampahalemana eto an-drenivohitra. Mpanendaka dimy lahy miaraka amin'ny antsy lava no voasambotra tamin'izany.

Tra-tehakiny Polisin'ny boriborin-tany fahaenina teny amin'ny Rocade Andohatapenaka ny roalahy teo am-panaovana ny asa ratsiny ary mbola hita teny amin'izy ireo ny entana izay nangalariny miaraka amin'ny antsy lava, izay nampiasain'ireto farany .

Ny roa lahy hafa kosa dia nataon'ny Polisin'ny Poste Avancé Antaniavo sarika am-pandriana teny amin'ny fonenana misy azy ireo, rehefa nahazo loharanom-baovao ny Polisy amin'ny fisiana asa fanendahana eny amin'ny faritra Ankazomanga iny ary fantatra tamin'izany fa ireto roalahy voasambotra ireto no mpanao izany asa ratsy izany. Ny iraika lahy farany kosa dia nosamborin'ny Polisin'ny boriboritany fahaefatra tany anaty toerampandihizana rehefa nisy olona nahafantatra fa mapanendaka eny Manarintsoa ity lehilahy ity. Mbola tratra teny aminy ihany koa ny antsy izay fampiasany.

Misy amin'ireto mpanendaka ireto no efa nisazy intelo tany am-ponja raha indroa kosa ny sasany ary dia izao voasambotra izao indray.

***Ny Valosoa***



Haintrano

## Tranohazo kilan'ny afo, tokantrano 5 tsy manan-kialofana

Sesilany ny hai-trano ao Antsirabe renivohitra ao. Vao tapa-bolana lasa izay dia nitrangana haintrano goavana tao Mahazoarivo Avaratra ka nahamaizana tranobe iray nisy fianakaviana valo tonta. Ny alin'ny sabotsy hifoha alahady teo dia nitrangana haintrano indray koa tao amin'ny fokontany Mahazoarivo avaratra ihany, ka tranohazo nisy tokantrano 5 indray no may ny maraina tokony ho tany amin'ny 1 ora sy sasany tany ho any, izay mpivarotra kafe sy mofo ary mpivarotra saribao sy mpanao lasopy ireny no tra-doza tamin'izany ; olona manodidina ny 40 araka izany no tra-boina sy tsy manan-kialofana tamin'izany. Kisoa niisa 5 no main'ny afo ary tsy nisy noraisina ny tao antrano na iray aza. Nambaran'Andriamatoa Razafinarivo Remi, isan' ireo niharam-boina, fa avy tany ivelan'ny trano niandohan'ny afo, izay notombanan'izy ireo fa nataon'olona avy any ivelany ka sahirana avokoa ny tao an-trano vao tafavoaka ny trano. Nanamarina izany ny tovolahy iray natory tao anaty fiara, izay nahita ny afo nidedaka be avy taty ivelany vao taitra nanaitra ny tao anatin'ny trano ary nanakisaka ny fiara haingana. Tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany maraina vao tonga ny mpamonjy voina an' ny orinasa Cotona ka norarafan'ny olona tsy fantatra ny tora-bato, izay na- hatezitra ny mpitandro filaminana izany. Marihina fa isan'ny olana eto Antsirabe ny tsy fisian'ny fiara mpamonjy voina, kanefa dia feno tranohazo eto Antsirabe. Misy ihany ireo fitaovana famonjena voi-na an'ny BNGRC ao ami-n'ny toeram-ponenan'ny Prefet-n'Antsirabe saingy mbo- la alaina rony sy tsy mi-asa izany hatramin' izao, fa angamba mbola hiandrasana amin'ny fampielezan-kevitra ve?

***Solohery***

Lozam-pifamoivoizana

## 1 maty am-polony naratra mafy tamin'ny RN 13

Fitondrana kamolahy no azo amaritana ity fitondrana ity. Nisehoana lozam-pifamoivoizana indray ny lalam-pirenena faha 13 (RN 13), mampitohy an'Amboasary Atsimo ny alahady teo. Tao amin'ny toerana atao hoe Mahatsinjo no nitranga ny loza. 01 no maty am-polony ireo naratra. Fiarakodia efa antitra mbola nanao taingim-be. Vokatr'izay taingim-be izay no nahatonga ny loza. Manampy trotraka ny faharatsian' ny lalana nefa tsy mbola avy ny orana. Efa impolo kely ity fitondrana ity no nampanantena fa hamboarina ny lalana. Zary resaka politika fotsiny. Ny aina tsy ananam-piry, araka izany: manao antso avo amin'ny tomponandraikitra mba hijery akaiky ny hetahetan'ny mponina.

***Mangarahara***

Andrangy-Antsirabe

## Jiolahy nikasa hanafika, saron'ny fokonolona

Saron'ny fokonolona tao amin'ny fokontany Andrangy-Antsirabe voalohany indray ny andianjiolahy nikasa hanafika, ka raha tsy nalaky voavonjy dia matin'ny fitsaram-bahoaka. Raha ny fanazavana teny anivon'ny fokontany dia ny sabotsy tolakandro lasa teo no nisy olona 3 lahy nibaby sakaosy nivezivezy tany amin'ny manodidina an'Andrangy, ka efa hitan'ireo Jama sy ny andrimasom-pokonolona. Narahina maso izy ireo ka nony harivariva dia efa tafakatra ho 7 lahy indray izy ireo. Rehefa tokony ho tany amin'ny 10 ora alina tany ho any ary dia nivoaka nihaona tamin'ny tanànan'Antsongo any Andrangy ry zalahy ireo ary narahin'ireo vatan-dahy mpiambiny sy ireo Jama ihany ary voatery tsy maintsy nosakanana sy hanaovana fanadihadiana. Tsy nanaiky izany ireo jiolahy fa avy dia namahana basy ary nikasa hitifitra mihitsy, saingy nisy olana ka tsy nipoaka ilay basy teny amin'izy ireo. Raikitra ny fifandonana tamin'izy ireo sy ny fokonolona ka nitsoaka ny 4 dahy ary tsy afaniala kosa ny telolahy ary nisy ny voa mafy nohon'ny daroka nahazo azy. Niaiky ny saika hataony ireo tratra ary nilaza fa nikasa hanafika olona tao amin'ilay tanànan'Antsongo tokoa ry zalahy ireo, izao sarona izao. Azo lazaina araka izany fa nahomby ny tetikadin'ny fokonolona tany an-toerana amin'ny fametrahana tsy tapaka ny andrimasom-pokonolona, ka izao nahitambokany izao. Fantatra fa mbola mitohy ary tsy miato ny fiambenana any amin'ity fokontany Andrangy ity, hisorohana ny tsy fandriampahalemana any an-toerana.

***Lezama***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao taratasy anefa manaraka izao. N°25, tsy mba kisendrasendra raha ity isa iray ity, isa tena tsotra, toa tadidy hatrany hatrany, isa manambara : " mijoroa ka sahia" isa hamadihana ny fahantrana omaly. Ny volana aogositra, dimy amby roapolo, no nihaonana indray, nitsiriam-panantenana. Nangorompotsy i Mahamasina ka tonga tao daholo. Nihaino, nanamafy fa fandrosoana no katsahina. Dimy amby roapolo, ny mpamonjy ny volana desambra no hiderantsika izany. Tsaroana isantaona, mankalaza sy mihoby fa teraka ny Tompo, ilay mpanavotra ny tany. Antsika ny safidy, ny azy efa vonona. Ny drafitra rehetra, ny fepetra matipaika. Efa ela niomanana ho an'ny Nosy sy ny mponina izany lehilahy izany no tena izy sady raitra Ravalomanana o! Miandry anao ny Firenena, ny andro hifidianana no ela sy iandrasana, fa raha ny Malagasy hisafidy tsy ho terena, hampody anao indray, hamita ireo adidy masina. Faly tena faly, hoy ianao ombieny ombieny. Mahita ny endrikay miramirana manatrika. Tonga ilay fotoana hifanaovana ny ENY. Tsy handrava sanatria fa hanangana ireo rafitra; efa tazana sahady ilay fandresen ny Malagasy. Baritafika 2018, 25th August.

***Toky Baritafika Ramanankohajaina***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

NY VALOSOA VAOVAO *Dokam-barotra*

**Tel. 034 79 076 00**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny asa fanadiovana faobe nataon'ny CUA teny Anosibe-Anosizato.















